
# ALAHADY fahatelo PAKA - TAONA -B-2024




*« Araka ny voasoratra, dia tsy maintsy hijaly i Kristy sy hitsangan-ko velona amin'ny andro fahatelo » (Lk. 24: 46)*

Ry Kristianina havana, tamin'ny Alahady lasa isika dia nibanjina ny vokatry ny Paka, ny famindram-pon'Andriamanitra. Miara-belona amintsika i Jesoa Kristy izay nizara ny fiadanana vokatry ny famindram-pon'Andriamanitra.

Tsara ny manamarika fa isaky ny alahady dia misy toetran'Andriamanitra tian'ny Eglizy asongadina mba hanampy antsika ivelomana bebe kokoa ny Paka hahatonga antsika hivelona ny batemy ka zary Tabernakla velona mamafy fiadanana, fihavanana, fanentanana. Tamin'ny Alahady lasa dia ny FAMINDRAM-PO no banjinintsika. Amin'izao Alahady izao Andriamanitra MIARA-BELONA AMINTSIKA MIZARA NY MANTA SY NY MASAKA. Andriamanitra te-hihavana amin'ny olombelona tokoa mba hahatonga olombelona ho fianakaviana iray ao Aminy, Fratelli Tutti, ho Olo Araiky Aminy. Io no tian'ny lohahevitry ny Kongresy Eokaristika Nasiônaly Ken 2024 raha milaza izy : FIHAVANANA HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO… MPIRAY TAMPO IANAREO JIABY

**Vakiteny I :** Asa 3, 13-15. 17-19
**Tononkira :** Salamo 4
**Vakiteny II :** 1 Jo. 2, 1-5a
**Evanjely :** Lk. 24, 35-48

Tsy azontsika hadinoina ihany koa izao daty izao satria andro anaovana fivahinianana masina any Vohipeno iarahana mivavaka amin'I Lucien Botovasoa Olts mba hanjaka eto amintsika ny fihavanana sady kristianina no malagasy. Sambatra isika manana azy ho modely sy mpivavaka. Enga anie ho tanteraka ny sitrapon'Andriamanitra ka ho tonga olomasina izy.

Izany rehetra izany indrindra no ambaran'ireo vakiteny telo atolotry ny Eglizy androany. Tamin'ny Alahadin'ny Paka isika dia nihaino ny tantaran'ireo mpianatra avy any Emaosy nisehoan'i Jesoa teny an-dàlana ary niova ny fon'izy ireo, nirehidrehitra rehefa nanazava ny Soratra Masina tamin'izy ireo i Jesoa na dia tsy nahafantatra azy aza ireo mpianatra. Torak'izany koa ny Evanjelin'I Md Joany nitantarana an'I Md Piera sy Joany tany am-pasana ka nolazaina fa nahita izy ireo ka nino. Torak'izany koa I Md Tomà nilaza : "Tompoko sy Andriamanitro". Rehefa misokatra ny masom-pinoana ka mahafantatra fa ny Tompo eo anivon'ny fiainana dia mirehidrehitra mandrakariva ny fo ary faly mizara ny Vaovao mahafaly. Samy lasa nihazakazaka nankany amin'ny olona ireo nahita ny Tompo. Ireo Mpianatra Emaosy nihazakazaka nankany Jerosalema ka nitantara ny zava-niseho tamin'ireo mpianatra izay nihidy tao an-trano noho ny fahatahorana ny Jody. Tamin'izay fotoana izay dia efa nisy ny fihibohana. Mitohy izany tantara izany amin'ny Evanjely androany izay manambara fa niseho tamin'ireo mpianany tafavory nihiboka i Jesoa ary nanambara fa miaraka amin'izy ireo Izy. Manambara koa izany fa miaraka amintsika i Jesoa, eo anivontsika izy. Ny fananantsika Olontsambatra dia hanehoan'Andriamanitra ny famindram-pony sy ny voninahiny. Manambara fa eo anivontsika, miara-dalana amintsika Izy. Araky ny averimberintsika matetika "Ady sady Dia" ny fiainantsika ary niseho tamin'ny fiainan'i Lucien Botovasoa koa ny fandalovana amin'ny fisedrana sarotra indrindra dia ny famonoana azy ka naha-maritiry azy, tsy natahotra izy fa nifikitra tamin'i Kristy izay nataony ho loharanom-piainana. Nino ny famindram-pon'Andriamanitra i Lucien Botovasoa ka tsy natahotra ary nanaiky ny ho faty tapahin-doha. Olon'ny fanantenana izy ka tsy nitsahatra nankahery ny fianakaviana sy ireo kristianina izay fantany fa tsy maintsy hisedra zava-tsarotra. Olon'ny fitiavana izy ka nampianariny hifanasoa sy hifampitsimbina anatin'ny fikatsahana ny soa iombonana ao anatin'ny fahamarinana ny vahoaka. Izany no nahatonga azy nantsoina ho Rabefihavanana. Mbola tadidintsika ny teniny mikasika ny politika : "tsy tiako ny politikanareo satria politikan'ny fitiavan-tena ka mandatsa-drà". Izany indrindra no ampianaran'I Papa François ao amin'ny Ansiklika Fratelli Tutti : politika lavorary (la meilleure politique). Io koa no ezahintsika tratrarina amin'izao fiomanana akaiky dia akaiky amin'ny Kongresy Eokaristika izao hametrahana ilay fihavanana soatoavina imatimatesantsika nefa maratra very hasina aza ary miaraka amin'ny tontolom-piainantsika. Tsy afenina fa ny tontolo politika no tena maratra amin'izao. Tokana ny lalana ary natorin'I Jesoa tamintsika teny amin'ny lalan'ny Kalvery. Araka ny voalazantsika tamin'ny Zoma Masina. Aoka hifikitra amin'I Kristy ny masontsika fa tsy misy ohatra ny hatsaran-toetra raha tsy eo amin'ny hazo fijaliana.

Raha mitady ohatra momba ny fiantrana ianao: Tsy misy fitiavana lehibe noho ny mahafoy ny aina ho an'izay tiany, ny namana. …Raha mitady faharetana ianao, dia eo amin'ny hazo fijaliana no ahitana izany amin'ny fomba feno… Raha mitady ohatra ny fanetren-tena ianao,

dia jereo ilay nohomboana. Fa Andriamanitra dia nanaiky ho tsaraina tamin'ny fitondran'i Pontsy Pilaty ka nomelohina ho faty… Raha mitady ohatra ny fankatoavana, dia jereo Izy tsy nohariana nankato sitraky ny Ray hatramin'ny fahafatesana... Raha mitady ohatra ny fanamavoana ny fitsiriritana dia banjino i Jesoa eo amin'ny Lakroa…". Ireo no toetra hanampy antsika hamelona indray ny fihavanana. Tsy irery isika amin'izany fa miaraka amin'I Jesoa nandresy isika ka matoky hiroso amin'ny fampijoroana ny tena fihavanana.

Hoy indrindra I Jesoa "Aza matahotra fa izaho ihany ity, velona aho ary miara-belona amiko ianareo, tsy matoatoa aho fa tena olona velona tokoa". Tenin'i Kristy izany ka tsara ho ao antsaintsika lalandava na dia misedra ny mafy isika. Ny faharetantsika no mahatonga antsika ho EOV eglizy olona velona satria ny fifikirantsika amin'ny finoana no manambara fa eo amintsika mandrakariva i Kristy, manambara fa velona miaraka amintsika Izy Kristy ary mahatonga ny fiainantsika tsy misy efitrefitra fa tokam-pilàna ka hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Io no lalana mitondra antsika amin'ny fiovam-penitra mahery vaika, hitarika amin'ny fifampitsimbina sy fifanasoavana araka ny fampianarana sy ny ezaka ataontsika amin'ny tapany faha-3 ny sinaody vokatry ny Kongresy Eokarisitika

Ry Kristianina havana, matoa velona eo anivontsika i Jesoa dia satria velona ny finoantsika ka iainantsika izay inoantsika hany ka eo anivon'ny fiainantsika andavanandro Izy. Nilaza i Kristy fa tsy maintsy hijaly Izy kanefa hitsangan-ko velona. Tsy maintsy miatrika ny sedra isankarazany isika kanefa tsy maintsy hitsangan-ko velona I Kristy ary izany no ambaran'ny Paka. Ambaran'ireo Apôstôly hatramin'ny voalohany izany Vaovao Mahafaly izany. Hitantsika izany amin'ny vakiteny voalohany amin'ny boky mitantara ny Asan'ny Apôstôly manambara ny fahasahian'i Piera mijoro sy manambara fa i Jesoa dia nitsangan-ko velona tokoa ary izahay no vavolombelon'izany. Mila vavolombelona izao androntsika izao. Vavolombelona maneho amin'ny fiainany izay lazainy fa tsy olona mpanao kobaka am-bava. Izany ny mpanao politika lavorary lazain'I Papa ao amin'ny Ansiklika. Politika mikatsaka mandrakariva ny soa iombonana fa mampatory ny soa ho an'ny tena, tombotsoan'ny tena. Mila olona mahafoy ho an'ny tanindrazana isika fa tsy olona tia tanindrazana fotsiny. Ohatra nomen'I Papa ilay Samaritanina tsara fanahy tsy nitaky tambiny fa nahafoy, namonjy.

Tsara ny manaraka ny tenin'I Md Piera mananatra ny Jody mba hibebaka. Lazainy fa matetika vokatry ny tsy fahalalana dia manaonao foana isika. "*Ary ankehitriny, ry hava-malala, fantatro tsara fa ny tsy fahalalana no nanaovanareo izany, toy izany koa ireo lehibenareo, fa notanterahin'Andriamanitra tamin'izany kosa izay voalazany rahateo amin'ny vavan'ny mpaminany rehetra, fa hijaly i Kristy. Koa mivaloza, ary mibebaha, mba hovonoina ny helokareo*". Lucien Botovasoa koa dia nilaza tamin'ny Mpanjaka Tsimihono fa ny tsy fahalalana no nanomezany baiko hamonoana azy fa ho tonga ny fotoana hahafantarany ny famindram-pon'Andriamanitra ka hibebaka izy mpanjaka ka hivalo. Izany tokoa no niseho satria talohan'ny ho faty dia nibebaka ny Mpanjaka Tsimihono. Ny tantara nataon'io mpanjaka io tamin'I Mompera nanao batemy azy (1964) ka nanambarany fa Lehilahy Marina I Lucien Botovasoa no nanahatonga ny pretra tamin'izay fotoana izay nanomboka ny

fanadihadihana mikasika an'I Lucien Botovasoa. Mampahatsiaro ny teny nataon'ilay kapiteny ao amin'i Mt 27, 54 mikasika an'I Jesoa: "Tena Zanak'Andriamanitra tokoa…"

Milaza i Md Paoly fa ny fibebahana no mitondra antsika amin'ny tena fiainana, marina fa ny fahotana misarika antsika mandrakariva amin'ny fakam-panahy izay mitondra antsika mandrakariva hanalavitra an'Andriamanitra. Md Joany ao amin'ny vakiteny faharoa manambara fa eo anivontsika i Jesoa ka na dia maro aza ny heloka vitantsika, na dia maro ny mety manapotika antsika dia aoka hananaraotra izao fotoana izao isika mba hialantsika amin'ny fiainana tsizarizary hitondra amin'ny "changement radical de comportement" ka hidirantsika amin'ny fiainam-baovao hahatonga antsika ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA MANORINA ETA TABERNAKLA VELONA. Aoka hiseho amin'ny fifampitsimbinana, sy fifanasoavana izany fiovam-penitra mahery vaika izany izay miseho amin'ny fitondran-tenantsika mahay mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Io no atao hoe "Fratelli Tutti" izany hoe "Olo Araiky isika Jiaby". Io no ambaran'ny teny fanevan'ny Kongresy.

Ry Jesoa Kristy zokinay ô, ampianaro izahay mba hahay hananaraotra izao fotoana izao. Hahay hiova tokoa izahay ka hanana masom-pinoana, hiova ny maso fijerinay, hiova tokoa ny fonay ka hahita Anao na dia eo anivon'ireny fahasarotan'ny fiainana ireny aza. Hiova tokoa izahay tahaka an'i Lucien Botovasoa izay nilaza hoe : "izao aho vao mahalala an'i Kristy". Aoka anie izahay hahalala an'i Kristy ka hifamela heloka sy hahay hifandray tsara mba hikatsaka mandrakariva ny marina, hampanjaka mandrakariva ny rariny sy ny hitsiny eo amin'ny fiainanay. Vonona mandrakariva hifanasoa izahay ka hivelona ny firahalahiana ary fanehoam-pitiavana eo amin'ny fiaraha-monina araka ny fampianaran'I Papa. Ho eo aminay mandrakariva ny fifankatiavana nampianarinao ry Jesoa ka hahazo ny tena fiadanana izahay. Hanjaka amin'ny firenenay anie ny fiadananao ka i Masina Maria Reny mpiaro anay hanampy anay sy hivavaka ho anay, ary Lucien Botovasoa Olontsambatra hivavaka ho anay mba hahafahanay manaraka ny dia nataony ka hahatonga anay ho tena vavolombelonao, hahafoy ho anao izahay amin'ny ataonay rehetra, ho olona tia vavaka izahay, ho olona mifanompo hitady ny soa sy hitady mandrakariva ny soa iombonana amin'ity firenenay ity satria ny fihavanana sady kristianina no malagasy tokoa no hanasitrana an'izao tontolo izao... satria mpiray tampo ianareo jiaby. Masina Maria Reny matoky ny vavakao izahay amin'izao fiomanana atrehinay izao. Ampio izahay hananaraotra izao fotoana izao handalina ny finoanay ary handray an-tanana izay mety ho tandrify anay. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglizy eran-tany nahay niomana nandray an'I Jesoa na dia tsy mora aza izany, matoky ny fanampianao sy vavaka avy aminao izahay amin'izao fikarakarana ny Kongresy Eokaristika izao. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson